
# NY LALANA ROA



**MIFIDY LALANA**
Raha handeha hivahiny any amin'ny mbola tsy nalehantsika isika, dia tsy maintsy manontany ny làlana tokony handehanantsika. Eny am-pandehanana dia dinihina tsara izay aleha, ka raha vao tsaroana fa diso ny làlana nombana, dia miverina faingana ka mamonjy ny làlana tena izy.

Mandroso isan'andro isan'andro mamakivaky izao tontolo izao isika, dia ho any amin'izay anjara tsy hanam-pahataperana, sy tsy azo ovaina intsony raha vantany vao tonga any ianao. Fantatrao ve aiza no alehanao?

**BOKY MPITARI-DALANA ANTSIKA**
Noho ny fitiavany sy ny famindram-pony, dia nanome antsika Boky mpitari-dalana anankiray Andriamanitra, ny Baiboly, izay manoro antsika mazava tsara ny làlana mankany an-danitra. Avy amin'izany Boky izany ity trakta ananikray ity izay ahitana izao andininy manaraka izao: "Fanilon'ny tongotro sy fanazavana ny làlako ny teninao" (Salamo 119:105).

**NY LALANA MALALAKA**
Maro ny olona mandeha amin'izany làlana izany. "Fa lehibe ny vavahady, ary malalaka ny làlana izay mankany amin'ny

fahaverezana, ka maro ny miditra any." (Matio 7:13).

Mandeha an-jambany ny ankamaroan'ireo olona ireo. Tsy fantany na tsy heveriny akory fa mandeha amin'ny làlan'ny fahaverezana izy. "Misy làlana ataon'ny olona ho mahitsy, kanjo làlana mivarina any amin'ny fahafatesana no iafarany." (Ohabolana 14:12). "Izay nohajambain'ny andriamanitr'izao tontolo izao, dia ny sain'ny tsy mino,…." (2 Korintiana 4:4a).

## NY LALANA TERY

Ny olona mandeha amin'ity làlana ity indray dia vesaran'ny **ota. "Fa samy efa nanota** izy rehetra ka tsy manana ny voninahitra avy amin'Andriamanitra." (Romana 3:23). Tsy afaka manafina fahotana amin'Andriamanitra isika na dia iray akory aza. "Fa tsy mba toy ny fijerin'ny olona ny fijerin'i Jehovah; fa ny olona mijery ny miseho eo ivelany; fa Jehovah kosa mijery ny fo." (1 Samoela 16:7b). **Enta-mavesatra no mifatotra ao an-damosin'izy ireo.** Tsy mahay manala na iray akory amin'izany ota izany amin'ny herin'ny tenantsika isika. Mihamavesatra hatrany izany entana izany arakaraky ny handrosoan'ny fotoana, ary "Fa fahafatesana no tambin'ny ota." (Romana 6:23a).

## NY TSELATRA

Ny **tselatra** eo amin'ny sary dia maneho ny **fitsaran'**Andriamanitra. "Ary tahaka ny nanendrena ny olona ho faty indray mandeha, ary rehefa afaka izany, dia hisy fitsarana." (Hebreo 9:27). "Ary hitako fa, indro, nisy seza fiandrianana fotsy lehibe sy Ilay mipetraka eo amboniny; Ary nahita ny maty aho, na ny lehibe na ny kely, nitsangana teo anoloan'ny seza fiandrianana; ary novelarina ny boky; ary nisy boky iray koa novelarina, dia ny bokin'ny fiainana izany; ary ny maty dia notsaraina araka izay zavatra voasoratra teo anatin'ny boky, araka…. Ary raha nisy tsy hita voasoratra teo anatin'ny bokin'ny fiainana, dia natsipy tany amin'ny farihy afo izy. (Apokalypsy 20:11a, 12, 15).

## NY AFOBE

Satria marina sy mahitsy Andriamanitra, dia tsy maintsy hisy famaizana ny fahotana. Ny Tenin'Andriamanitra dia manambara amintsika fa misy ny helo, izay toerana hamaizana mandrakizay ireo izay tsy mankatò an'Andriamanitra. Hoy ny Baiboly, "fahaverezana no hiafarany, ka ny kibony no andriamaniny, ny fahamenarany no voninahiny, fa misaina ny an'ny tany izy. (Filipiana 3:19).

Kanefa dia Andriamanitra fitiavana koa Andriamanitra, "ka tsy tiany hisy ho very, fa mba ho tonga amin'ny fibebahana izy rehetra." (2 Petera 3:9b). Noho ny fitiavany sy ny famindram-pony lehibe, dia efa nanamboatra **làlam-pamonjena ho an'izay rehetra maniry izany Izy. Tianao ve ny hahita izany làlan'ny fiainana izany:**

## NY LALANA MANKANY AMIN'NY FIAINANA - NY MPAMONJY

Satria tsy mahay manafaka ny tenantsika amin'ny fahotana isika, ary tsy afaka miala amin'ny sazy vokatry ny ota, dia **nanome Mpamonjy ho antsika Andriamanitra.** "Fa toy izao no nitiavan'Andriamanitra izao tontolo izao: nomeny ny Zanany Lahitokana mba tsy ho very izay rehetra mino Azy, fa hanana fiainana mandrakizay." (Jaona 3:16). Andriamanitra, Ray any an-danitra no naniraka ny Zanany Lahitokana, dia Jesosy Kristy Tompo, avy any an-danitra ho ety amin'izao tontolo izao; niaina toy ny olona rehetra Izy, kanefa tsy mba nanota. Nanao zavatra tsara Izy, nanasitrana ny marary, nanadio ny boka, nadroaka demonia, namela ny helok'ireo izay nibebaka ny fahotany ary nampianatra ny olona ny momba an'Andriamanitra.

Ny tena antony nahatongavany ho nofo anefa, dia ny ho faty mba ho sorona ho antsika rehetra; ny hanolotra ny Fiainany masina sy tsy misy fahotana ary ny handatsaka ny Ràny sarobidy hisolo ny helotsika. Nanaiky nosamborin'ireo ratsy fanahy Izy, nokapohina ka nivoa-drà ny dian-kapoka teo amin'ny lamosiny, nosatrohana tsilo ny Lohany, ary farany dia nofantsihina tamin'ny hazo fijaliana ny Tongony sy ny Tànany, ka teo Izy no nihantona tamin'ny fahoriana

sy fangirifiriana. "Ary Izy nitondra ny fahotantsika tamin'ny tenany teo ambonin'ny hazo. (1 Petera 2:24a). Maty ho anao sy ho ahy Izy.

**NY NITSANGANANY TAMIN'NY MATY**
Nitsangana tamin'ny maty Jesosy, rehefa nitoetra telo andro tao am-pasana. Niaranandeha sy niresaka tamin'ny mpianany Izy, ary rehefa afaka efa-polo andro dia niakatra ho any an-danitra Izy ka mipetraka eo an-tànana ankavanan'Andriamanitra. (Romana 8:34). Mpamonjy Velona Izy ary manana "ny fahefana rehetra any an-danitra sy etý an-tanhy;" (Matio 28:18b). "Koa amin'izany dia mahavonjy tokoa izay manatona an'Andriamanitra amin'ny alalany Izy, satria velona mandrakizay hanao fifonana ho azy. (Hebreo 7:25).

**NY LANITRA**
Ny lanitra dia toerana onenan'Andriamanitra amin'ny voninahiny rehetra. Hoy Jesosy Tompo, Ao an-tranon'ny Raiko misy fitoerana maro; raha tsy izany, dia efa nilaza taminareo Aho; fa handeha hamboatra fitoerana ho anareo Aho. Ary raha handeha hamboatra fitoerana hoa anareo Aho, dia ho avy indray ka handray anareo ho any amiko, ka izay itoerako no hitoeranareo koa." (Jaona 14:2-3).

Toerana mahafinaritra tokoa izany, "Ary hofafany ny ranomaso rehetra amin'ny masony; ary tsy hisy fahafatesana intsony, sady tsy hisy alahelo, na fitarainana, na fanaintainana; fa efa lasa ny zavatra taloha. Ary tsy hisy alina intsony; ary tsy mba mila fahazavan'ny jiro na fahazavan'ny masoandro izy; fa ny Tompo Andriamanitra no hanazava azy;" (Apokalypsy 21:4, 22:5a).

Toerana masina izany. "Ary tsy mba hiditra ao mihitsy izay tsy masina, na izay manao vetaveta, na izay mandainga, fa izay voasoratra ao anatin'ny ny bokin'ny fiainana izay an'ny Zanak'ondry ihany." (Apokalypsy 21:27).

**Làla-tokana ihany** no mankany an-danitra. Hoy Jesosy taminy: "**Izaho no làlana** sy fahamarinana ary fiainana; **tsy misy olona mankany amin'ny Ray, afa-tsy amin'ny alalako.**" (Jaona 14:6). "**Ary tsy misy famonjena amin'ny hafa;** fa tsy **misy anarana hafa** ambanin'ny lanitra nomena ny olona izay hahazoantsika famonjena." (Asan'ny Apostoly 4:12).

**AHOANA NO HANOMBOHANTSIKA HANDEHA AMIN'IZANY LALANA MANKANY AN-DANITRA IZANY**
1. "Mibebaha hianareo ka minoa ny filazantsara." (Marka 1:15).
2. **Manatòna an'i Jesosy Kristy Tompo,** amin'ny alalan'ny vavaka, raha mahatsiaro ho vesaran'ota ianao, ary mangataha famelana Aminy. Hoy Izy, "Izay rehetra omen'ny Raiko Ahy no hanatona Ahy; ary izay manatona Ahy dia tsy mba holaviko mihitsy." (Jaona 6:37). "Mankanesa atý amiko, hianareo rehetra izay miasa fatratra sy mavesatra entana, fa Izaho no hanome anareo fitsaharana." (Matio 11:28).
3. **Minoa an'i Kristy irery ihany ho mpanafaka anao amin'ny fahotana.** "Ny ran'i Jesosy Zanany no manadio antsika ho afaka amin'ny ota rehetra." (1 Jaona 1:7b).
4. **Homeny fiainam-baovao ianao … dia fiainana mandrakizay.** Hoy Kristy "Izay mandre ny teniko ka mino Izay naniraka Ahy no manana **fiainana mandrakizay** ka tsy hohelohina; fa tafafindra niala tamin'ny **fahafatesana ho amin'ny fiainana izy.**" (Jaona 5:24). "Koa raha misy olona ao amin'i Kristy, dia olom-baovao izy; efa lasa ny zavatra taloha, indreo, efa tonga vaovao ireo." (2 Korintiana 5:17).
5. **Hanana fiadanam-po ianao.** "Koa amin'izany, satria efa nohamarinina tamin'ny finoana isika, dia aoka isika hanana fihavanana amin'Andriamanitra amin'ny alalan'i Jesosy Kristy Tompontsika." (Romana 5:1).

"Ary izao no fanambarany: Fiainana mandrakizay no omen'Andriamanitra antsika, ary ao amin'ny Zanany izany fiainana izany. Izay manana ny **Zanaka no manana ny fiainana;** izay tsy manana ny Zanak'Andriamanitra no **tsy manana ny fiainana.** Izany no nosoratako aminareo, izay mino ny anaran'ny Zanak'Andriamanitra, mba **ho fantatrareo fa manana fiainana**

**mandrakizay hianareo.** (1 Jaona 5:11-13).

**AHOANA NO HIAINANA IZANY FIAINAM-BAOVAO IZANY**

**1. Vakio** isan'andro **ny Baiboly.** Sady fanazavana ny làlantsika izany, no sakafo ho an'ny fanahintsika. "Fa tahaka ny zaza vao teraka dia maniria ny rononom-panahy tsy misy fitaka, mba hitomboanareo amin'izany ho amin'ny famonjena." (1 Petera 2:2). Angataho Andriamanitra mba hitarika anao sy hampianatra anao amin'ny alalan'ny Fanahiny Masina, refefa mamaky izany ianao.

**2. Akekezo isan'andro amin'ny alalan'ny vavaka Andriamanitra,** dia ny fivavahana amin'i Jesosy. "Aza manahy na inona na inona; fa aoka ny fivavahana sy ny fifonana mbamin'ny fisaorana no ho entinareo manambara ny fangatahanareo amin'Andriamanitra amin'ny zavatra rehetra. Ary ny fiadanan'Andriamanitra, izay mihoatra noho ny fahalalana rehetra, hiaro ny fonareo sy ny hevitrareo ao amin'i Kristy Jesosy. (Filipiana 4:6-7).

**3. Ambarao amin'ny hafa ny amin'i Jesosy. "**Modia ihany any an-tranonao ho any amin'ny havanao; ka lazao aminy izay zavatra lehibe nataon'ny Tompo taminao sy ny namindrany fo taminao." (Marka 5:19).

**4. Raha tojo fakam-panahy ianao, dia antsoy ny Tompo.** "Fa satria nalaim-panahy ny tenany tamin'ny fahoriana nentiny, dia mahavonjy izay alaim-panahy koa Izy." (Hebreo 2:18).

**5. Raha tafalatsaka anaty fahotana indray ianao, dia mibebaha faingana amin'Andriamanitra.** "Raha miaiky ny fahotantsika isika, dia mahatoky sy marina Izy ka mamela ny fahotantsika sy manadio antsika ho afaka amin'ny tsi-fahamarinana rehetra. (1 Jaona 1:9).

**6. Miezaha miombona amin'ny mpino hafa an'i Jesosy Kristy Tompo.** "Izao no didiko, dia ny mba hifankatiavanareo tahaka ny nitiavako anareo." (Jaona 15:12).

**7. Ankatoavy mandrakariva Andriamanitra.** "Raha misy tia Ahy, dia hitandrina ny teniko izy." (Jaona 14:23).

**8. Aza matahotra, fa momba anao mandrakariva Kristy.** "Izaho tsy handao anao mihitsy na hahafoy anao akory." (Hebreo 13:5).

**9. Atolory tanteraka ho an'i Jesosy Kristy Tompo ny tenanao.** Aoka Izy no hitarika ny fiainanao araka ny Sitrapony. Raha manaraka izany ianao dia hahita ny tena fifaliana.

---

Le livre du "Coeur de l'homme" peut être obtenu en plus de 500 langues et dialectes parlés dans le monde entier, à savoir: Afrique, Amérique, Asie, Extrême Orient, Europe. **Notre Livre du Coeur de l'homme peut maintenant être téléchargé en 480 langues différentes sur les téléphones cellulaires, tablettes, etc. à partir de notre site web www.angp-hb.co.za.**

Nous vous invitons à nous contacter pour faire des arrangements concernant de nouvelles traductions de notre littérature nous informant de la langue dans laquelle vous pouvez traduire cette littérature évangélique. Votre aide sera beaucoup appréciée.

Si vous avez trouvé le salut en Christ ou si vous avez été béni par notre littérature, nous vous prions de nous le faire savoir. Nous aimerions remercier Dieu avec vous et prier pour vous.

Pour obtenir gratuitement de la littérature évangélique, des livres et des traités en plus de 540 langues, écrivez à:

**E-MAIL: info@angp.co.za**
**ALL NATIONS GOSPEL PUBLISHERS**
**P.O. BOX 2191, PRETORIA, 0001, R.S.A.**
(Une Mission de Littérature évangélique financée de dons)
(Reg. No. 1961/001798/08)